# ALAHADY faha-5 PAKA - TAONA - B -2024




*« Izaho no foto-boaloboka ary ianareo no sampany. Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be » (Jo. 15: 5)*

Ry Kristianina havana, amin'izao Paka izao, araky ny efa voalazantsika dia mampisongadina ny toetran'i Jesoa anankiray ireo vakiteny atolotry ny Eglizy isaky ny Alahady. Tamin'ny Alahady lasa teo dia i Jesoa Mpiandry Ondry Tsara no nankalazaintsika, tamin'ny Alahady fahatelo dia I Jesoa Mpiara-belona amintsika, ny Alahady faharoa dia I Jesoa Endriky ny Famindram-pon'Andriamanitra eo anivontsika, ny Alahadin'ny Paka kosa dia I Jesoa Aina Vaovao.

Amin'izao Alahady fahadimy amin'ny Paka izao dia I Jesoa Foto-boaloboka, I Jesoa Voaloboka marimarina kokoa ary isika no rantsany. Io no asongadin'ny vakiteny androany. Isika no rantsana, sampana mitoetra sy mifikitra Aminy. Tsy mila ambara fa sedra niainantsika tamin'ny herinandro masina teo iny tamin'ny fandalovan'ny siklaonina na rivo-doza iny dia manosika antsika hitoetra ao amin'I Jesoa raha tsy izany zary sampana maina ary maty isika. Mety tsy ho azontsika loatra ny fanoharana an'i Jesoa foto-boaloboka satria tsy maro amintsika no efa nahita voaloboka. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia i Jesoa no kakazo anankiray ka isika no rantsany. Tian'i Jesoa ho fantatra na rantsana mamoa isika na tsia ary izay no lalana entina manorina ny ETA ka isika no "vato velona" hoy I Md Piera amin'ny

taratasiny (1 Pi 2, 4-5). Vokatry ny Paka fandalovana (passage), miala amin'ny fiainana ratsy ka miditra amin'ny fiainam-baovao mba hahatonga antsika ho olo araiky ao amin'Andriamanitra, Eglizy fianakaviam-ben'Andriamanitra, "FRATELLI TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY". Mitaky fiovam-penitra mahery vaika amin'ny fitondrantenantsika, mba ho fitondran-tena mifanaraka amin'ny toetr'I Kristy. Tsy maintsy mifikitra amin'I Kristy raha tiantsika ny hanahaka an'I Kristy.

Raha te-hanorina Eglizy trano na Eglizy Olona velona isika dia tsy maintsy mitoetra ao amin'i Jesoa mba hamokatra ary izany no voalazan'ny Evanjely amintsika. Ambaran'i Jesoa mazava tsara "*Izaho no tena foto-boaloboka ary ny Raiko no mpamboly*". Izy no voaloboka mahafa-po ny Ray satria nanaiky azy am-pitiavana ka namokatra be. Izany koa no tsy maintsy ho anjaram-piainantsika. Matoa tsy mamokatra ny fiainantsika tsirairay na isam-pianakaviana na ara-piaraha-monina na eo anivon'ny firenena dia satria rantsana tsy mitoetra amin'ny fototra isika, rantsana tsy mihaino azy fa mihaino ny saim-pantany ka tsy mandeha amin'ny lalana mahitsy.

Avy amin'ny voaloboka no anaovana ny divay ary manambara hafaliana sy aina ny divay ao amin'ny Baiboly. Atolotr'i Jesoa amintsika koa ny divay izay miova ho ràny. Raha mitoetra amin'ny fototra tahaka an'i Jesoa isika sampana dia hamokatra be, raha tsy mamokatra kosa ny sampana dia hotapahina araky ny henontsika tamin'ny evanjely ka atao any amin'ny afo ka potika "*Ny sampana rehetra tsy mamoa eo amiko dia esoriny, ary izay rehetra mamoa dia rantsanany mba hampamoa azy bebe kokoa.*" Sanatria anie izany ! Ambara amintsika matetika ny hoe aoka ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA hamafy fihavanana, fiadanana sy fanantenana amin'izao andro sarotra atrehintsika izao isika. Maro ireo very fanahy mbola velona, hoy isika, ka aoka isika manana an'I Jesoa hanampy azy ireo amin'ny alalan'ny fiainantsika zary torolalana ho azy ireo. Mivelona ny kongresy eokaristika isika amin'izany. Raha rantsana tsy mamokatra isika dia lasa taranaka mpandrava. Mamokatra isika raha mitoetra ao amin'I Jesoa, izany no maha-Kristianina antsika, ny maha-Kristy Mpiara-belona amin'ny olona satria manana fiainana eokaristika.

Na dia Kristianina aza anefa isika dia tsy maintsy ho rantsanana sy diovina mba ho tonga Eglizy Olona Velona, Misionera, Tabernakla velona, izany hoe mitondra an'I Kristy eo anivon'izao tontolo izao na dia tsy anisan'izao tontolo aza. Ezaka ataontsika izany amin'ny fanorenana ny Eglizy. "*Fa ny sampana izay tsy miray amin'ny foto-boaloboka, tsy mahazo mamoa ho azy, ary toy izany koa ianareo raha tsy mitoetra ao amiko*" hoy I Kristy. Raha te-hampamokatra ny fiainantsika isika dia tsy maintsy miray amin'i Jesoa. Na dia izany aza tsy maintsy ho diovina ny rantsana mba hamokatra bebe kokoa sy ho voninahitry ny Ray ny hafaliantsika rehefa mamokatra.

Tsy maintsy misy ezaka atao amin'ny fanorenana dia ny fahafoizana, ny faharetana, tsy maintsy maharitra mitoetra ao amin'I Jesoa isika, tsy hoe androany isika hivavaka dia hamokatra sahady, hain'Andriamanitra izany satria tsy misy tsy hainy atao fa tsy maintsy miezaka isika, izany fiezahana izany no fanadiovana.

Tsy maintsy mijoro amin'ny fahasahiana koa isika, mety hadalain'olona isika tahaka ny nanjo an'I Jesoa, aoka isika hifikitra sy hitoetra ao Aminy anatin'ny faharetana sy fitokiana. Aoka isika hijoro ho vavolombelona tahaka an'I Lucien Botovasoa, izay vao nankalazaintsika ny fetiny. Tsy natahotra fa sahy nijoro hatrany ho vavolombelona I Lucien Botovasoa. Aoka hambarantsika fa tena mitoetra ao amin'I Jesoa tokoa isika ka hanana fitiavam-bavaka. Izany no hararaotina eto anasana antsika mba hivavaka bebe kokoa fa indrindra amin'izao andro sarotra atrehintsika izao. I Jesoa no nilaza fa misy karazan-demony tsy afaka raha tsy amin'ny alalan'ny fifadian-kanina sy vavaka. Antsointsika ny Fanahy Masina mba hanavao antsika, ny fahasoavan'Andriamanitra mba handevona an'ireo krizy mikiky antsika tato ho ato ka hahatonga antsika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA tokoa araky ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany. Hitantsika fa handeha any Jerosalema I Paoly handinika miaraka amin'ireo Apôstôly, miaraka amin'ny Piera satria "mandady ny trambo", misy mitady hanakorontana. Betsaka ny zavatra mifamahofaho amin'izao fotoana ka betsaka ny korontana etsy sy eroa. Mila mandeha any Jerosalema isika izany hoe mila mifampidinika hiatrika izao zava-misy izao. Izany no hiaka ataon'I Papa amin'ny Antsiklika Fratelli tutti. Mila mamboly tontolom-piainana ahafahana mifanakalo sy mikolokolo fifandraisana. Izany no atao hoe Culture de dialogue sy culture des soins. Ireo rehetra ireo no ezaka ataontsika mandritra izao sinaody faha-7 izao. Vita ny étape roa voalohany. Miditra amin'ny étape faha-3 isika izao no tonga amin'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly izay tena ivon-toerana fara-tampony hametrahana io tontolom-piainana ahafahana mamboly fihavanana araka ny teny faneva : FIHAVANANA HANASITRANA IZAO TONTOLOLO IZAO… MPIRAY TAMPO IANAREO REHETRA.

Entintsika am-bavaka izao Kongresy Eokaristika izao mba ho tahaka ny niainan'ireo Apostoly tany Jerosalema. Izany ny fiainana ny fihavanana, misy fifampiresahana, misy dinika ao anatin'ny fitoniana ka mifamela, mivelona ny famindram-po ka miroso amin'ny fihavanana. Io ny lalana mitondra antsika amin'ny fifampitsimbinana sy fifanasoavana ary fikatsahana ny soa iombonana ao anatin'izao andro sarotra izao tahaka tamin'ny andron'ny Apostoly. " *Tamin'izany andro izany, nankany Jerosalema i Saoly, ka nitady hikambana tamin'ny mpianatra* ". Mila manao dingana hikambana sy hihavana amin'ireo manodidina antsika araka ny fampianarana tany amin'ny la Montagne. Mila mihavana amin'ny olona manahirana antsika isika.

Aza matahotra isika, aza mavozo isika fa mirosoa amin'ny ezaka mety ho vitantsika, raiso an-tanana tahaka ireo Apostoly ny diosezintsika. Miezaha isika hameno ireo sajoa siôta. Diniho ireo taratasy efa nalefa amintsika. Izany koa no ampahatsiahivin'ny vakiteny faharoa manambara ny fanorenana ny Eglizy amin'ny alalan'ny fifankatiavan'ny vita batemy "*Anaka, aoka isika tsy ho tia am-bava sy amin'ny teny fotsiny, fa amin'ny asa sy amin'ny fo tokoa. Izany no hahafantarantsika fa avy amin'ny marina isika, sy hahazoantsika mampatoky ny fontsika eo anatrehan'Andriamanitra*."Izany no entintsika hanorina ny Eglizy Olona Velona, izany no tena apôstôly satria miray aina ao amin'I Kristy, mitoetra ao amin'I Kristy ka hamokatra be.

Matoky, mifankatia, tsy matahotra fa mijoro ho tena vavolombelona, izany no apôstôly. Olom-pinoana, olom-panantenana, olom-pitiavana ka mifikitra mandrakariva amin'I Jesoa foto-boaloboka.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, amin'izao fiomananay amin'ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY izao, dia mangataka Aminao izahay. Ianao no foto-boaloboka ka enga anie mba ho mafy kokoa ny fiombonanay Aminao, hamafiso ny finoanay ka tsy hatahotra izahay. Hanana fahasahiana anie izahay ka hiroso tsy misalasala amin'ny ezaka fanomanana rehetra araka ny sokajim-piainana misy anay. Hiboiboika ao anatinay mandrakariva anie ny fanantenana ranovelona tsy mety ritra ka manosika anay hiroso hatrany na dia sarotra sy mideza ny dia. Hifikitra amin'ny afom-pitiavanao izahay ka hiroso hatrany amin'ny fifampitsimbinana sy fifanasoavana. Hanana fahasahiana anie izahay ka ho tonga fahazavana sy fanasina eo amin'ny manodidina anay. Hanana faharetana hifikitra Aminao anie izahay satria Ianao no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Hanana fitiavam-bavaka anie izahay ka hafanam-po tanteraka hampamokatra ny fiainanay sy hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, hampianatra ny fahamarinana, hampihavana, hahay hampijoro ny rariny sy ny hitsiny. Masina Maria Reninay, beazo izahay hahafoy tahaka anao mba ho afaka hanorina ny Eglizy Fianakaviam-ben'Andriamanitra Fratelli Tutti, Olo Araiky isika jiaby. Md Josefa mivavahà ho anay mba hanana ilay fahasahiana hiaro ny fianakaviana Eglizy kely mifampitsimbina, mifanasoa izahay. Enga anie i Lucien Botovasoa izay modely ho anay hanampy anay hahafahanay hiroso amin'ny lalindalina kokoa hahatonga anay handray an-tanana ny Eglizy tahaka azy ka hamokatra . Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson